Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay vehivavy Samaritana

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Lazarus

Nampifanarahin'i: Ruth Klassen

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2014 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Ary niainga Jesoa sy ny mpianany ka nandeha ary namaky an'i Samaria, dia tonga tao amin'ny tanàna anankiray atao hoe Sykara.



Nisy fantsakana iray izay namboarin'i Jakoba rain'ny Israely fony fahavelony tao, izay fakan'ny mponin'ny Sykara rano fisotro.



Satria nafana be ny tapak'andro hariva, dia nipetraka teo an-tsisin'ilay fantsakana Jesoa mandrampiandry ireo mpianany nandeha nividy sakafo tany Sykara.



Jesoa irery no nijanona teo – saingy tsy naharitra izany. Indro nisy vehivavy iray
mponina tao Sykara avy mba hantsaka rano.

"Omeo rano aho hosotroiko", hoy Jesoa taminy.



Taitra ravehivavy raha nahare izany ka namaly an'i Jesoa nanao hoe:

"Nahoana Ianao izay Jiosy indray
no mangataka rano
amiko hosotroina,
nefa izaho
vehivavy
Samaritana?"





Tamin'izany vanim-potoana izany ny Jiosy dia tsy nanana fifandraisana mihitsy tamin'ny Samaritana!

Ary vao mainka
tena taitra
indrindra izy
rehefa niteny
taminy
Jesoa
hoe:



"Raha fantatrao
hoe Iza moa
Aho, dia ianao
no nangataka
tamiko rano
velona".

Ravehivavy
niteny tamin'i
Jesoa hoe:
"Tompoko,
tsy manana
fanovozana
Ianao, sady lalina
ny fantsakana; koa
avy aiza no ahazoanao
izany rano velona izany?



Moa Ianao va
lehibe noho
i Jakoba
raintsika,
izay nanome
anay ity
fantsakana
ity...?"



Jesoa namaly ka nanao taminy hoe: "Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray; ...

... fa na iza na iza
no misotro ny rano
izay homeko
azy dia tsy
hangetaheta
mandrakizay.

Ny rano izay
homeko dia
tonga loharano
moboiboika avy ao
anaty ho fiainana
mandrakizay".

Ary hoy ravehivavy taminy: "Tompoko, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta na hanketo hantsaka intsony".

Ary Jesoa naniraka an-dravehivavy hampiantso ny vadiny. "Tsy manambady aho", hoy izy namaly. "Efa nanambady in-dimy ianao, ary tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny" hoy Jesoa taminy.

Niaiky ravehivavy fa Mpaminany Jesoa. Nanontany ankolaka an'i Jesoa ny amin'izay toerana tokony hivavahana amin'Andriamanitra izy:



any Jerosalema ve sa eny an-tendrombohitra masin'ny Samaritana? Nilaza taminy Jesoa fa ireo izay tena mpivavaka dia mankasitraka ny Ray amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana.

Ary hoy ravehivavy tamin'i Jesoa: "Fantatro fa ho avy ny Mesia. Ka rehefa tonga Izy dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra".



Jesoa nilaza taminy fa Izy izay miresaka aminy no Izy. Tamin'izay indrindra, tonga ny mpianatra fa ravehivavy kosa lasa nandeha, namela ny sininy ary niverina tany an-tanàna.



Nony tonga tany Sykara ravehivavy dia nanambara tamin'ny olona rehetra tao nanao hoe:

"Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroa, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra", "Izao angaha no Kristy?"



Dia nivoaka avy
tao an-tanàna
ny olona ka
nankeo amin'i
Jesoa.

Raha mbola tsy tonga ny olona, dia nasain'ny mpianany nisakafo Jesoa. Fa hoy Izy tamin'izy ireo: "Ny sakafoko dia ny manao ny sitrapon'Izay naniraka Ahy ary manatanteraka ny asany".

Io asa io dia ny hitaona ny olona ho ao amin'Andriamanitra.

Maro be arak'izany ny Samaritana no nino an'i Jesoa noho ny filazan-dravehivavy.



Nangataka tamin'i Jesoa izy ireo mba hitoetra tao aminy, ary dia nitoetra tao roa andro Izy.



Ary mbola nihamaro isa ireo nino
Azy noho ny faminaniany.



Hoy indrindra izy ireo: "...ny tenanay no nandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao".



Ilay vehivavy Samaritana

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Jaona 4

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16